# ANY ANGLETERA ...



## *MANTSOM-PANAHIN'NY ASSOCIES (22 – 24 SEPTAMBRA 2017)*

Associés miisa roapolo avy amin'ny tarika samihafa no nihaona mba hanao mantsom-panahy '' Ivon-toerana Emaosy '' any West Wickham, ny Zoma 22 Septambra 2017. Ny lohahevitra dia hoe : ny làlana mitondra mankamin'Andriamanitra - miaraka amin'ny fifantohana manokana amin'ny tantaram-piainan'ny tsirairay vakiana toy ny fivahinianana mankany amin'i Kristy, Ivon'ny fiainantsika.

I Mompera James Hurley, mpanampy ho an'ny fiainana voatokana ao amin'ny Diosezin'i Southwark no nanokatra tamin'ny fanontaniana hoe, *Iza no lazainao fa izaho aho ? Iza no lazainao fa izao ianao ? iza no VOALOHANY amin'ny fiainako ?*

Vavaka, Sakramenta ary ny Soratra Masina no nanampy anay tamin'izany.Niaraka tamin'ny Mompera James no nahafahanay nandalina ny fanontaniana napetraka tamin'i Jesoa hoe "*Hankany amin'iza izahay Tompo ?*" ary tamin'ny hariva, nanao fandinihana notarihan'i masera Gretta, nampiasany ny hevitra hizotra amin'ny làlana miolakolaka mankany amin'i Kristy eo an'ivo. Fanasana mba handray ny "tantaram-pahasoavana eo amin'ny fiainana" ary misaotra an'Andriamanitra nitantana anay hatraty, amin'ny fifandraisana lalina mandrakariva miaraka amin'i Kristy.



## *FAHA -TELOPOLO TAONAN'NY VONDRONA MYSTERIUM CHRISTI' (SABOTSY 7 OKTOBRA 2017)*

Ny **TARIKA any SITTINGBOURNE** ny Vondron'ny Mysterium Christi dia tafahaona nandritra ny Sorona Masina tao amin'ny Paroasy hankalaza ny faha-30 taonany

*"Nandritra io Sorona Masina io, nanentana anay hisaotra an' Andriamanitra, noho ny Associés n'ny Soeurs du Christ – Vondrona Mysterium Christi – niorina hatramin'ny 1987. Maniry izahay ny hanavao ny fanokanan-tenanay eto anatrehan'ny mpivavaka ato amin'ny paroasin'i Fo Masin'i Jesoa, eto Sittingbourne. ... Ny Vinavinam-piainan'ny Associés dia "mamondrona ny zava-drehetra ao amin'i Kristy" (Efz. 1, 10), amin'ny fandraisana an'i Kristy ho tena ivon'ny fiainan'izy ireo,*

*Manao ny fampiraisana eo samy izy ireo, amin'ny fiainana ny famelana sy ny fampihavanana, " mampandroso ny fampiraisana izay nataon'i kristy vavaka ."*

